# FICHE DE POSTE

## AIDE-CONDUCTEUR

Version n°02 Jan 2026

**Nom et prénoms :** RAMAHATOSIKA CHRISTIAN.

**Lieu de travail :**
Sambava, Antalaha, Vohémar, Diégo, Ambanja, Nosy-Bé, Antsohihy, Majunga, Antananarivo

**Rattachement Hiérarchique :**
- Michel MA YO WENG, Président Directeur Général
- Christian VELONJARA, Directeur du Transport

## MISSION PRINCIPALE

Manampy sy manaraka ny mpamily ny mpanampy mpamily mandritra ny fitaterana entana mampidi-doza, eo ambany fiahian'ny Tale misahana ny Fitaterana.

## LES RESPONSABILITES DU POSTE

- Mandray anjara amin'ny fanaraha-maso andavanandro ny fiara.
- Manaraha-maso ny toetry ny kodiarana.
- Mametraka ny fitaovana fiarovana rehefa mijanona.
- Mametraka ny famono afo (extincteur).
- Mameno ny ora tena nitrangan'ny hetsika ao amin'ny planin-dalana.
- Mamaly ny antso an-tariby mandritra ny dia.
- Mikarakara sy mitazona ny fahadiovan'ny fiara.
- Manampy ny mpamily amin'ny fitarihana rahetra na miverina (stationnement).
- Mandamina ny fitaovana entina amin'ny fanaterana (flexible, siny, tariby, sns.)
- Mampifandray ny tariby eo amin'ny lozam-pitaterana sy ny remorka.
- Mijery sy manara-maso ny kamiao rahefa mijanona.

## PROFIL RECHERCHE

**Fahaiza-manao sy Diplaoma ilaina:**
- Manana diplaoma BEPC na manana fari-pahaizana mitovy amin'ny kilasy fahatelo (3ème).
- Mahatakatra ny fiteny frantsay, mahay mamaky sy manoratra.
- Mahay mamaky sarintany sy toerana manan-danja (POI - Points d'intérêt).
- Mahay mameno planin-dalana.
- Manana toe-batana salama sy mahazaka hery.
- 21 taona fara-fahakeliny.
- Mahay mitondra tena, marina ary mailo.

Fepetra Takina :

- Manana fahazoan-dàlana mitondra fiara sokajy B,C,D,E
- Mahay sy mahafantatra tsara ny toetran'ireo entana mampidi-doza sy ny loza mety haterany
- Nandray fiofanana ADR (Accord pour le transport des marchandises Dangereuses par Route), mahafantatra ireo takelaka volomboasary sy ny laharan'ny ONU
- Manana taratasy manaporofo ny fahasalamana ara-batana amin'ny mahampamily (certificat d'aptitute médicale).

Fahaiza-manao Fanampiny :

- Fahalalana momba ny karazana afo sy ny fampiasana famonoana afo (extincteur).
- Fahaizana mamono afo amin'ny fomba mahomby sy ara-teknika.
- Fahalalana momba ny drafitra vonjy maika (plan d'urgence) sy ireo fepetra fampandrenesana (schéma d'alerte).

Fepetra takiana ara-HSSE :

- Fahalalana ny loza mety hitranga mifandray amin'ny harerahana sy ny asa atao amin'ny haavo ambony (travail en hauteur).
- Fanarahana ny fitsipika ara-pahasalamana sy ara-piarovana eny an-toerana.
- Fanamarinana ara-pitsaboana alohan'ny hidirana miasa sy fitsidihana ara-pahasalamana isan-taona.

Aretina mifandraikitra amin'ny asa (Maladies Professionnelles) :

- Fahasimban'ny tonon-taolana sy ny lamosina manodidina azy (Affections périarticulaires)
- Fery sy fahapolehan'ny hoditra mitovitovy amin'ny sery sy tasy (Lésions eczématiformes).
- Fahavoazana amin'ny hazondamosina noho ny fihovitrovitry ny fitaovana na fiara (Affections du rachis liées aux vibrations)

Loza hafa mety hitranga :

- Fahafahana mianjera rehetra miakatra na midina avy eny amin'ny fiara
- Loza amin'ny fifamoivoizana
- Peraka amin'ny maso sy amin'ny saina
- Aretina vokatry ny hafanana be loatra

L'employe

RAMANDTOKISA Christian

Representant de l'entreprise

VOROMAILALA FITATERANA
TRANSPORT D'HYDROCARBURES

Resp. RH.